DINAM-PARITRA

TARI-DALANA ENTINA MAMPIHATRA NY DINAM-PARITRY NY FOKONOLONA MITANTANA NY HARENA VOAJANAHARY

ITASY

"Ny Vovonam-paritry ny fokonolona mitantana ny harena voajanahary, tompon'andraikitra amin'ny fifampitondrana sy fitantanana lovain-taranaka mandimby ireo harena voajanahary".

FAMPIDIRANA

Ity tari-dalana ity dia natao hanamorana ny fampiharana ny dinam-paritra Itasy hisorohana ireo mety tsy fifankahazoan-kevitra na fisalasalana amin'ny fampiharana azy.

Ny Dina dia

- Natao ho an'ny mpikambana VOI sy ny olona ivelany voakasiky ny Harena Voajanahary
- Ny hevitry ny mpikambana VOI sy ny mpiara-monina no entina mandrafitra ny Dina
- Fifampifehezana eo anivon'ny mpikambana VOI sy ny mpiara-monina ny Dina

Ity dina ity dia tsy manakana na manohitra velively ny fampiharana ny lalàna velona eto amin'ny firenena.

FEHEZAN-DALANA IJOROANA

- Araka ny lalàm-panorenana,
- Araka ny lalàna laharana 90-123 tamin'ny 21 desambra 1990 momba ny satan'ny tontolo iainana.
- Araka ny lalàna laharana faha 96-025 tamin'ny 30 septambra 1996 mikasika ny fitantanana eny ifotony ny harena voajanahary azo havaozina.
- Araka ny lalàna laharana faha 97-017 tamin'ny 08 aogositra 1997 anavaozana ny lalàna fitanana ny ala.
- Araka ny lalàna faha 2001 -004 tamin'ny 25/10/2001 mahakasika ny fitsipika ankapobeny ny dina.
- Araka ny lalàna 2015-53 tamin'ny 16 desambra 2015 mahakasika ny seha-pihariana Jono sy fiompiana anaty rano.
- Araka ny didy hitsivolana laharana 73-009 tamin'ny 24 martsa 1973 mikasika ny fitantanan'ny fokonolona ny harena ao amin'ny faritra misy azy.
- Araka ny didy hitsivolana laharana faha 93-022 tamin'ny 04 may 1993 mamaritra ireo fepetran'ny jono sy ny fiompiana anaty rano.
- Araka ny didim-panjakana laharana faha 2004-169 tamin'ny 03 febroary 2004 mitondra ny fandaminana ankapobeny ny asa fanjonoana sy fanangonana ny vokatra hazandrano any amin'ny ranomamy sy ranomatsaboka ao anatin'ny ranom-panjakana.
- Araka ny didim-pitondrana n°14297/2012 du 11 jolay 2012 mamaritra ireo fitaovam-panjonoana mikasika ny vokatry ny ati-rano an-dranomamy sy matsaboka ao amin'ny ony , renirano sy ny farihy , fananam-panjakana.
- Araka ny tenimita faha 112 -MIRA/SG/DAPMOSP tamin'ny 05/06/2003 mahakasika ny DINA sy ny VONODINA.

ANDININY	TARI-DALANA HANAMORANA NY FAMPIHARANA
TOKO VOALOHANY MOMBA NY ZO SY ADIDY	
And 1. Ny vovonam-paritra (federation) dia fikambanan'ny VOI mitambatra na tsia ao anaty firaisan'ny VOI (Union) na fikambanam-pokonolona eny anivon'ny Fokontany	Vondron'olona ifotony mijoro ara-dalàna Union na rafitra ivondronan'ireo VOI (mampivondrona ny hery anivon'ny distrika) Federasiona na vovonam-paritra izay mampivondrona ireo union eny amin'ny distrika Fikambanam-pokonolona na vondron'olona tsotra anivon'ny Fokontany na VOI tsy anaty Union, tsy manana récepissé fa fantatry ny Fokontany fa miaro sy mitantana ny harena voajanahary Mihatra amin'ny olona rehetra ivelany na anatiny manana raharaha ao anatin'ilay faritra.
And 2. Ny mpikambana dia: Mandray anjara feno eo amin'ny fiaraha-mamolavola sy manatanteraka ny drafi-panajariana amin' ny fitantanana sy fiarovana ary ny fanatsarana ireo harena voajanahary azo havaozina ho lovain-jafy. Manaja sy manaraka ny didy aman-dalàna mifehy ireo harena voajanahary Ala tapia sy farihy ary ireo harena rehetra ao anatiny sy manodidina Mifidy ny komitin'ny DINA eny anivon'ny Fokontany.	Ny mpikambana voalaza eto dia ny mpikambana ao amin'ny vovonam-paritra. Fomba fifidianana ny komitin'ny dina: Tsara raha tsy mihoatra ny 10 no isan'ny mpikambana ao anatin'ny komitin'ny dina Ny andraikitr'ireo dia mitovy amin'ny andraikitra mahazatra amin'ny fikambanana ihany
And 3. Ny komitin'ny dina eny anivon'ny fokontany no mifidy ny komitin'ny dina eny anivon'ny kaominina. Ireo komity voafidy ireo no tompon'andraikitra voalohany amin'ny fanaraha-maso sy fampiharana ny Dina.	Avy amin'ny komitin'ny dinan'ny VOI no hifidianana izay komitin'ny dina eny anivon'ny kaomina. Tsara raha misy solontena isam-pokotany ny komitin'ny dina eny anivon'ny kaominina
And 4. Ireo avy no mpikambana ao amin'ny komitin'ny dina : filoha, filoha lefitra, mpitambola, mpitambola lefitra, mpitantsoratra, mpanolotsaina.Ny isan'ny mpanolotsaina dia faritan'ny eny ifotony araka izay mahamety azy.	Ny eny ifotony no mamaritra izay isan'ny mpanolotsaina, tsara raha tsy mihoatra ny folo (10) ny isan'izy ireo.

And 5.

Sara alaina amin'ny vokatry ny Harena voajanahary

Ho an'ireo faritra tantanan'ny VOI, ny VOI dia manan-jo haka saram-pitantanana amin'ireo vokatra rehetra avy amin'ny ala Tapia sy farihy izay voafaritra mialoha ao amin'ny Boky famindram-pitantanana ary nankatoavin'ny fivoriambem-pokonolona. Arakaraky ny vokatra azo no hanaovana ny kajy araka ny venty voalaza eto ambany:

Vokatra	Venty	Sara Alaina	
		Mpikambana VOI na fikambanam-pokonolona ao amin'ny fokontany	Tsy mpikambana VOI na fikambanam-pokonolona ao anaty fokontany
Bozaka	sarety	2 000	5 000
Ampanga Vy	An'entana	500	3000
Horon-drano	An'entana	500	2000
Saonjo manga	kitapo	2 000	7 000
Longozo	Sarety	2 000	10 000
Haravola	An'entana	100	500
Hazon-drano	An'entana	100	300
Vahona	Kitapon-tsimenitra	200	400
Herana	An'entana	100	500
Taretra	An'entana	200	1 500
Bararata	An'entana	200	1 700
Hazo madinika *(fanaovana vovo,taho kifafa)*	An'entana	1 000	3 000
Hisatra	An'entana	1 000	2 000
Trondro	Sobika *(15kg)*	1 000	1 500
Patsa	Kilao	200	500
foza	Tohizana	100	200
Bokana	kapoaka	200	500
Landy	Sobika kely *(3kg)*	2 400	14 000
Holatra	Sobika kely *(3kg)*	200	1 000
Voana tapia	Sobika *(20kg)*	200	1 000
Ampanga	An'entana	200	500
Lahan-taretra	Isaky ny 10 isa	500	1 000

Ny vola voaray dia arotsaka any amin'ny mpitahiry volan'ny VOI na fikambanam-pokonolona

Ariary no venty ampiasaina

Tantanina manaraka ny mangarahara ny volan'ny vonodina ka mila rosia fanamarinana ny vola miditra sy mivoaka ary mila bokim-bola hitantanana izany izay tsy maintsy ahitana ny daty, ny antony nidirana na niviahan'ny vola ny sisa an-tanana .

Misy ny bokim-bola amidy any amin'ny mpivaro-boky samihafa (librairie) izay hamporisihana ny komitin'ny dina hividy izany.

Ny mpitahiry vola no mitahiry ny vola izay azo avy amin'ny vonodina, ny saram-pitantanana kosa dia mirotsaka amin'ny mpitam-bolan'ny VOI na ny fikambanana ifotony.

Marihina fa samihafa ny bokim-bolan'ny dina sy ny saram-pitantanana

TOKO FAHA TELO FEPETRA ANKAPOBENY	
TAPIA	
And 6. Ao amin'ireo velarana misy ny ala Tapia dia voarara 1. Ny fandorana 2. Ny fambolena rehetra afa tsy ny hazo Tapia 3. Ny karazam-panorenana rehetra toy ny trano, fasana…… 4. Ny fanangonana zezika Tapia na sorok'ahitra 5. Ny asa rehetra tsy voafaritra ao amin'ny drafi-panajariana 6. Ny fanaovana asa fitrandrahana harena ankibon'ny tany	
And 7. Izay rehetra mitrandraka ny vokatry ny ala voajanahary ankoatry ny ala tapia ka mamadika azy ho fihariana dia tsy maintsy maka alalana any amin'ny sampandraharaha miadidy ny ala.	Marihina fa misy fe-potoana ny mampanankery izany fahazoan-dàlana omen'ny sampandraharaha voakasika izany ka mila arahina antsipirihany. Manaraka ny ambaratongan-drafitra ny fangatahana atao: VOI na KASTI, Fokontany, Kaomina, sampan-draharaha voakasika
And 8. Voarara manokana ny fanapahana, ny fanongotana amin'ny fakany ary ny fanaovana arina ny hazo Tapia. Na izany aza anefa, dia tsy voakasik'io fepetra manokana io ny hazo maina atao kitay sy ny hazo maty na simba noho ny aretina, izay efa vitan'ireo Komity mpitatanana sy ny ambaratonga voakasika, ny fitsirihina mialoha misy ny fandaminana manokana.	
And 9. Feran'ny Vondron'Olona Ifotony (VOI) na ny fivoriamben'ny fikambanam-pokonolona ny habetsaky ny vokatra azo alaina anaty harena voajanahary arakaraky ny haben'ny faritra tantaniny.	Entanina ny VOI / KASTI sy ny Fokontany hanoratra mazava ny heviny mikasika ny fangatahana atao fa tsy hionona fotsiny amin'ny hoe hita sy nandalo
And 10. Ho fiarovana ny ala Tapia, ireo voly kesika (Pin) sy kininina ao anaty ala Tapia dia tsy maintsy fongoran'ny tompony tanteraka araka ny lalàna manankery mihatra eto amin'ny faritra Itasy, rehefa nahazoana ny fanomezan-dalana omen'ny Sampandraharaha miadidy ny ala eny an-toerana.	Efa misy ny didim-pitondrana navoakan'ny faritra momba ny fanalàna ny kesika sy kininina anaty ala tapia

And 11. Ny hazo notapahana dia omena sy taterin'izay tompony. Ireo hazo nitsiry ho azy kosa dia miverina ho fananan'ny vondron'olona ifotony.	
And 12. Momba ireo ala Tapia tsy tantanan'ny VOI, ny fanapahana ireo hazo kesika sy kininina naniry ho azy dia hiandreketan'ny Fokonolona voakasika izany ary azy tanteraka ny hazo tapaka rehetra avy amin'izany ary ny fampiasana azy dia teny ieran'ny Fokonolona ao anaty fikambanana.	
And 13. Ny fandikana ireo fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha 5 ka hatramin'ny faha 11 ireo dia hampiharana ny vonodina 50 000 Ariary (dimy alina ariary).	Ho an'izay misy fepetra manokana toy ny fikapana hazo tapia dia mihatra ny fepetra manokana
And 14. Mikasika ny hazo, tsy maintsy mamboly hazo 10 fototra isan-tokantrano isan-taona, na fihinam-boa izany na azo ala, ivelan'ny faritra misy Tapia.	Ny tokantrano rehetra eny ifotony dia tsy maintsy mamboly hazo 10 isan-taona, izay atao ivelan'ny ala tapia. Azo atao ny mamboly hazo fihinam-boa na hazo tsotra araka izay mety. Anjaran'ny komitin'ny dina no manara-maso sy manamarina izany
And 15. Izay tsy mahefa izany dia am-pambolena hazo roapolo fototra (20) ho an'ny Kaominina, ary vitaina ao anatin'ny ny 10 andro, arahin'ny komitin'ny dina manara-maso akaiky ny fanatanterahana azy.	Ny komitin'ny Dina no manara-maso akaiky ny fanatanterahana azy arakaraka ny fisian'ny tany hahafahana mamboly hazo
And 16. Ny fikapana hazo atao kitay, arina, trano dia hangatahana alàlana hikapa any amin'ny sampandraharaha miadidy ny ala (Permis de coupe).	
And 17. Tsy azo atao ny manao saribao, sy kitay ireo ala voanjanahary madinika (voafotsy, hatsikana, goavy, ….), ny Ala manga voajanahary.	
And 18. Ny fandikana ny voalaza ao amin'ny And 16-17 dia iharan'ny vonodina 10 000 ariary (iray alina), ho an'ny Ala manga kosa dia 70 000 ar (fito alina) isam-potony.	

And 19. Ny fikapana tapia, fiasana tany ao anaty ala tapia, ny fambolena hazo ao anaty ala tapia dia tsy azo atao ,fa iharan'ny vonodina 20 000 ariary isam-potony,	Ny fanitarana tany dia araka izay voalaza ao amin'ny andininy 13, ary tsy azony ampiasaina ny tany voaasa (cf and 6 dinam-paritra)
And 20. Ny fangatahana tany misy ala tapia dia tsy azo atao, fa anjaran'ny Kaominina no manadihady sy miaro izany ary enjehina araka ny lalàna velona izay manao izany.	Araka ny lalàna laharana faha 97-017 tamin'ny 08 aogositra 1997 anavaozana ny lalàna fitanana ny ala.
And 21. Hatsangana ny Komitin'ny afo isam-paritra, isam-bohitra, tsy maintsy manao aro - afo ny vohitra tsirairay.	Ity rafitra ity dia rafitra efa miasa eny anivon'ny Fokontany
And 22. Izay handoro tanimboly dia manao fangatahana eo anivon'ny Fokontany sy miantso olona hanamarina an'izany.	Ny komitin'ny afo no tsara antsoina hanao ny fanamarinana izany
And 23. Raha misy doro-tanety dia tsy maintsy manao holava hanaitra ny fokonolona.	Miantso ny fokonolona izay mahita ny afo
And 24. Ny lehilahy dia tsy maintsy mandeha mamono afo, ny tsy fanaovana izany dia iharan'ny vonodina 5000 ariary (dimy arivo).	Ny lehilahy mihoatra ny 18 taona no voalaza eto
And 25. Tsy maintsy hanaovana tatitra any amin'ny Kominina sy ny sampan-draharaha miadidy ny ala ny doro-tanety, marihina tsara ny toerana niavian'ny afo. Ny tsy fanaovan'ny tompon'andraikitra (sefo fokontany, filohan'ny VOI, komitin'ny afo) tatitra dia tsy maintsy hanaovan'ny komitin'ny dina fanadihadiana manokana sy hanaovany tatitra isan'ambaratongany	Tatitra: toerana niavihan'ny afo, fotoana na faharetan'ny afo, zavatra simban'ny afo, velaran-tany may Ny komitin'ny dina ihany koa dia manao tatitra isan'ambaratongany

FARIHY	
And 26. Ireo mpitrandraka mpiray ao amin'ny fari-pivelomana dia tsy maintsy manana karatra maha-mpikambana, izay ahafahana misitraka ireo tombotsoa iombonana sy ny fanatsarana na fiarovana izay atao.	Ny fanavaozana ny karatra dia atao isan-taona, ny sampan-draharaha misahana ny jono no manome ny karatra
And 27. Tsy azo atao ny mampiasa Harato didimaso, Perve, Vovo, Epuisette, Fanihifana latsaky ny 4 sm ao anatin'ny farihy, izay tratra dia alaina ny fitaovana sy ny vokatra azony.	Tsara raha misy komitin'ny dina miaraka amin'ny manam-pahefana eo an-toerana (ohatra sefo fokontany) no maka ny fitaovana ary ampahafantarina ny fokonolona
And 28. Tsy azo atao ny mitrandraka na mivarotra trondro tsy araka ny refy ilaina, izany hoe latsaky ny 7sm ny halavany anatiny sy ivelan'ny faritra	Araka ny didy hitsivolana laharana faha 93-022 tamin'ny 04 may 1993 mamaritra ireo fepetran'ny jono sy ny fiompiana anaty rano.
And 29. Tsy azo atao ny fitrandrahana na fivarotana ny vokatra ao anaty farihy mandritra ny fe-potoana voafaritry ny didim-pitondram-paritra mamaritra ny fihidin'ny rano (Arrêté Régional).	
And 30. Tsy azo atao ny manimba na manapotika ny tontolo iainan'ny hazandrano ao anaty rano na amin'ny fomba inona na inona, ka ao anatin'izany ny fampiasana ireto fomba ireto: 1. Bano 2. Iray dia milako 3. Dibaka na fidoboka, safosafo 4. Mitsilo amin'ny alina 5. Mampiady trondro 6. Manao famamo 7. Lay kely 8. Manamamo na taritarika Ny fandikana izay voalaza ao amin'ny andininy 26-30 dia iharan'ny vonodina 50.000 Ar	

And 31. Tsy azon'ny olona ivelan'ny Fikambanana V.O.I sy ny fikambanan'ny mpanjono atao ny manjono na mitrandraka ao anatin'ny Farihy raha tsy mahazo alalana tamin'ny fikambanana., izay tratra tsy nahazo alalana dia iharan'ny vonodina 10.000 Ar	Manao fangatahana any amin'ny filohan'ny VOI dia mahazo alalana an-tsoratra
And 32. Izay olona tratra mangalatra manarato ao amin'ny faritra na toerana natokana hanatodizan'ny trondro na hazandrano (ZONE de FRAIE) dia hiharanan'ny vonodina iray hetsy 100 000 Ar.	Io dia faritra efa voalaza any anaty drafim-panajarian'ny VOI izay mitantana ny farihy
And 33. Tsy azo atao ny mibodo toerana na mamaritra faritra iray ho an'ny tena manokana anatin'ny farihy.	
And 34. Ny 25m manodidina ny farihy dia tantanin'ny VOI sy ny fikambanan'ny mpanjono araka ny voafaritra ao anaty drafi-panajariana.	
And 35. Tsy azo atao ny mitondra lakana amin'ny fotoana fihidin'ny rano.	
And 36. Tsy azo atao ny mitondra lakana amin'ny 7 ora hariva ka hatramin'ny 5 ora maraina.	
And 37. Izay tratra manimba na mangalatra ny fitaovan'ny hafa araka ny fenitra (Harato, Vovo….) dia enjehina araka ny fepetra voapetraka ao amin'ity dina ity. Izay mandika ny voalaza ao amin'ny 35-37 dia iharan'ny vonodina 50.000 Ar	
And 38. Izay tratra mamaky farihin'olona na tanimbarin'olona dia iharan'ny vonodina 50 000 ariary (dimy alina).	
And 39. Izay tratra manimba farihy iombonana dia iharan'ny vonodina 100 000 ariary (iray hetsy).	

And 40. Tsy ekena ny fidiran' ny olona ivelan'ny Fokontany na ivelan'ny faritra hanihika na hanjono ao amin'ny faritry ny fari-pivelomana raha tsy nahazo alalana amin'ny komity mpitantana, tsy voakasik'izany ireo olona manana tany ao amin'ny Fokontany. Hanaovana fampahafantarana any amin'ny Kaominina manodidina ity ka izay tratra mandika izany dia iharan'ny vonodina 10 000 ariary (iray alina).	
And 41. Mikasika faditany: Araka ny fandinihina ny tatitra isam- paritra momba ny faditany dia ho raiketina ny faditany isam-paritra. Anjaran'ny isam-paritra no mamaritra ny faditaniny. Ataony an-tsoratra izany ka andefasany dika mitovy ny Vovonana amin'ny fanamarinam-pahatongavan'ireo olona tonga nivory namaritra ny faditany. Izay minia mandika izany faditany izany dia hakarina any amin'ny tompon'andraikitra isan'ambaratonga ary iharan'ny vonodina (50 000 Ariary dimy alina ariary.	Samy mihazona ny faditaniny ny faritra tsirairay
TOKO FAHA EFATRA FEPETRA MANOKANA	
And 42. : Ajoro eo anivon'ny isam-pokontany, ny Kaominina, ny vakim-pileovana izay nahavitana ny Dina, ny komity mpanatanteraka ny DINA.	Ny mpikambana ao amin'ny Birao mpanatanteraka ny Dina dia fidin'ny mpikamban'ny Fokonolona amin'izy samy izy araka ny voalazan'ny andininy faha-15 voalazan'ny lalàna mifehy ny dina (2001- 004). Ny momba ny fiasan'ny komitin'ny dina dia mila arahina ny fepetra voalaza ao ampin'ny andininy 18 ka hatramin'ny 28 voalazan'ny lalàna mifehy ny dina izay atovana ity torolalana ity. Lisitra iray ataon'ny manampahefana tompon'andraikitra ao amin'ny faritra no milaza ny fahalanian'ireo olona ireo ka ny faharetan'ny asany dia herintaona azo havaozina.

And 43. Manao tatitra amin'ny vovonam-paritra Soaiombonana isan-taona izy amin'izany.	Ny ratsamangaika rehetra isan'ambaratonga no manao tatitra
And 44. Ny Mpandray vola tsy manome rosia amin'ny olona manome vola dia iharan'ny sazy avo roa heny amin'ny sandan'ny vola noraisiny.	Any amin'ny komitin'ny dina kaominina na vovonam-paritra no hanaovana fitarainana
And 45. Ny olona iharan'ny vonodina ka tsy mahaloa araka ny fotoana nifanarahana izay tsy mihoatra ny 15 andro dia mandoa sazy 10 000 Ariary ankoatra ny sazy teo aloha. Omena 15 andro izy hanefany izany	Raha tsy manefa io izy dia miakatra amin'ny ambaratongan-drafitra ny raharaha, ny komitin'ny dina sy ny birao maharitry ny vovonana no mampiakatra
And 46. Na iza na iza manao teny fandrahonana na fihetsika valifaty amin'ny mpiandraikitra, na zaza, na lahy na vavy, ao amin 'ny Faritra, na amin'ny fotoana inona ary na aiza na aiza ka voaporofo an-tsoratra ary arahina fanadihadiana dia iharan'ny vonodina 50 000 ariary (dimy alina).	Taorian'ny fitarainana antsoratra natao dia nisy fanadihadihana ka rehefa voaporofo izany dia vonodina 10000 Ar ilay nanao fihetsika hafahafa
And 47. Ny fitsinjaran'ny vola azo avy amin'ny vonodina Esorina ny 20% an'izay olona nahatratra ilay nanao hadisoana ary ny ambiny dia mitsinjara toy izao: 1. Fampandehanan-draharaha Vovonana SOAIOMBONANA *****10%** 2. Anjaran'ny Firaisan'ny VOI (Union)*****10%** (raha tsy misy ny Firaisan'ny VOI (union) dia mankany amin'ny VOI na fikambanam-pokonolona). 3. Anjaran'ny VOI, fikambanam-pokonolona sy ny fikambanan'ny mpanjono *****50%** 4. Anjaran'ny komity mpampihatra ny dina ***** 20%** 5. Fampandehanan-draharaha mandritra ny fanaraha-maso ny fampiharana ny dina, izay arotsaka amin'ny komity mpampihatra ny DINA *****10%** Ny vonodina dia raisin'ny komity mpampihatra ny dina , ary izy ireo no mitsinjara azy araka ny voalaza etsy ambony	Ny fitsinjarana ireto farany dia atao isaky ny fivoriana iarahan'ny vovonana sy ny komitin'ny dina arak any sehatra voakasika

And 48. Raha misy olona tratra mandika ny dina dia mampiantso fivoriana ny komitin'ny dina, ary eo imason'ny fivoriamben'ny VOI, na Fokonolona no hampiharana ny dina.	Fivoriam-bempokonolona na ny fivoriamben'ny VOI mba tsy hisy ny kiantranoantrano no hanaovana izany
And 49. Na iza na iza mahatratra mpandika ity dina ity dia azo omena tamby izay 20% ny vonodina	
And 50. Ny famerenana fandikana ny dina dia tataovana avo telo heny avy hatrany amin'ny sazy naloa teo aloha.	
And 51. Ny fampiharana ity dina ity dia natao ho fanabeazana ny maha olona hatrany, nefa kosa tsy manafoana ny fanenjehana araka ny lalàna.	

Ny fanovàna ity dina ity dia tsy maintsy hakana ny fankatoavana amin'ireo mpisehatra rehetra namolavola.